


FAMPAHALALANA MIKASIKA IREO FAMANTARANA ILAINA

HAFANANA

Misy karazany roa ny fitsapana hafanana: Centigrade (C.) sy Fahrenheit (F.). Izy roa ireo dia samy afaka ampiasaina handrefesana ny hafanan'ny olona iray.

Indro ny fomba fampitahana azy:



FITEMPON'NY FO

Ho an'ny LEHIBE..... 60 hatramin'ny 80 fitempo isa-minitra dia ara-dalàna.

Ho an'ny ANKIZY..... 80 hatramin'ny 100 fitempo isa-minitra dia ara-dalàna.

ZAZAKELY..... 100 hatramin'ny 140 fitempo isa-minitra dia ara-dalàna.

ZAZA VAO TERAKA..... 120 hatramin'ny 160 fitempo isa-minitra dia ara-dalàna.

Matetika ny fitempon'ny fo dia mitombo eo amin'ny fitempo 20 isa-minitra eo ho eo isaky ny degré Centigrade (C.).

FISEFOANA

LEHIBE SY

Ho an'ny ANKIZY LEHIBE. . . ny fifohana rivotra in-12 hatramin'ny 20 isa-minitra dia ara-dalàna olona ANKIZY. . . ny fifohana rivotra hatramin'ny in-30 isa-minitra dia ara-dalàna.

tsy mihetsika ZAZAKELY. . . ny fifohana rivotra hatramin'ny in-40 isa-minitra dia ara-dalàna.

ZAZA VAO TERAKA. . . ny fifohana rivotra in-30 hatramin'ny 60 isa-minitra dia ara-dalàna.

Ny fifohana rivotra lalina in-40 isa-minitra matetika dia midika pneumonia (jereo p. 171) ho an'ny ankizy na olon-dehibe. Ho an'ny zazakely, ny in-50-60 isa-minitra dia mety hidika ho pneumonia.

HO AN'NY TOSI-DRA

(Izy ity dia natao ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana manana fitaovana fitsapana tosi-drà).

Ho an'ny olona tsy mihetsika, ny 120/80 dia ara-dalàna, saingy miovaova be izany.

Raha manondro mihoatra ny 160 ny famakiana voalohany (rehefa manomboka ny feo), na raha manondro mihoatra ny 100 ny famakiana faharoa (rehefa tsy misy intsony ilay feo) dia fambara lozan'ny tosi-drà avo izany (jereo p. 125).